

SORATRA VAVOLOMBELONA AHALALANA NY TANTARAN'I MADAGASIKARA

atolotr'i
Ludvig MUNTHE

Voalohany indrindra dia miala tsiny aminareo tompoko noho izao antony izao. Ela tsy taty, ka mila hadino ny fitenin'ny fahatanorako. Manaraka izany dia izao kosa: maro izahay sakaizan'i Madagasikara any an-dafy miara-mifaly aminareo noho ny nahazoan'i Toliara ny Oniversiteny. Miarahaba anareo ny Oniversite any Oslo izay iasako, indrindra fa ny faculté de Théologie mbamin' ny mpianatray arivo izay tarihiko. Fahatelo manaraka izany dia izao: tsy tonga mba hampianatra anareo aho, fa hianatra kosa; manararaotra izao fihaonana mahafinaritra izao hampahafantatra soratra vavolombelona roa aman-telo ahalalana lafiny sasantsasany amin'ny tantaran'i Madagasikara, dia antontan-taratasy vao nisokatra tato ho ato.

I. Ny soratra vavolombelona voalohany tiako horeshahina dia ireo voatahiry ao amin'ny Arisiva iombonan'ny F.L.M./N.M.S. any Isoraka, Antananarivo (B.P. 880). Arisivan'ny Fiangonana Loterana Malagasy (Mission Norvégienne) manokana io ka milaza ny fandrosoan'ny Fiangonana Loterana nanomboka tamin' 1867 ka hatramin'izao. Mety ho hita amin'io famoriam-boky lehibe io koa anefa ny lafiny sasany amin'ny fandrosoana, ny fomba fampianarana maromaro tamin'ny sekoly «privé» aty Madagasikara, sns.....

Ny kaontim-bola sy ny lisitry ny boky natonta, ny fampielezana ny boky eran'ny nosy, ny karazany sy ny isan'ny boky lany sy lafo, ny anaran'ny olona nandefasana azy, dia samy mety ilaintsika mpandinika ny tantaran'ny fampielezana ny haisoratra.

Ny taratasy nosoratan'ny fiangonana sy ny fanjakana no mety hahalalana ventin-javatra koa. Ny taratasy nifanakalozan'ny samy mpiasam-piangonana, tera-tany na vahiny, dia ilain'ny mpandinika ny tantaran'ny fiangonana atv.

Milahatra araka ny fiangonana sy tanàna amin'ny faritany misy azy ny boky sy antontan-taratasy ananan'ny Arisiva F.L.M./N.M.S. Ankoatra ny fiangonana tsirairay, dia ao amin'ny sokajy Antananarivo, Fianarantsoa, Manakara sy Toliara no azo itadiavana izay ilaina.

Faly milaza amintsika mpandinika ny tantaran'ny morontsiraka andrefana aho, fa vita vao haingana teo ny fandaminana ny taratasy sy ny boky mikasika ny faritanin'i Toliara (mianavaratra hatrany Maintirano). Feno sady mahafa-po araka ny distriny tsirairay ny Arisivan'i Toliara, Belo sur Tsiribihina, Manombo Ankazoabo, Beroroha, Morombe, Manja, Malaimbandy, Miandrivazo Maintirano. Saingy mampalahelo fa ny ankamaroan'ny Arisivan'i Morondava dia may 10 taona lasa izay. Kely ihany no sisa, fa ankoatra izany dia tsara.

Manomboka amin'ny taona 1874 ka mankaty ny Arisivan'ny Fiangonana Loterana aty amorontsiraka andrefana. Raha ireo taona voalohandohany anefa no dinihina, dia saika Toliara sy Antananarivo no ahitana ny betsaka. Ny mpanoratra ny isan-javatra ao amin'ny Arisiva F.L.M./N.M.S. dia nanokana boky anankiray momba ny faritany andrefana. Misy boky efatra ho fanampin'izay ahitana ny faritany hafa koa.

Ny arisivistan'ny Fiangonana Loterana Malagasy, pastora Ratsimbazafy Alfred ao Isoraka, Antananarivo dia mahay manazava bebe kokoa ny amin'ny boky sy antontan-taratasy ananan'ny F.L.M./N.M.S.

Mazava ho azy fa misy fitsipika tsy maintsy arahina amin'ny fampiasana izany Arisivan'ny fiangonana manokana izany. Manasa ny Oniversite anefa ny fiangonana F.L.M. sy ny N.M.S., mba hiaroka sy hiasa ao ho fampandrosoana ny fahalalana ny andro lasa. Ny Oniversitenay any Oslo sy ny N.M.S., Stavanger Norvège, no efa niantoka ny vola rehetra lany tamin'izany asa vaventy naharitra taona roa mahery ka efa vita ankehitriny izany.

II. Ny soratra vavolombelona faharoa tiako horesahina dia ny *sorabe*. Iarahantsika mahalala ny fisiany taty Madagasikara hatramin'ny ela. Tato ho ato anefa dia nitombo ny isan'ireo sorabe fantatra. Tamin'izao diako nankaty Madagasikara izao dia nirahin'ny *Département des Affaires Extérieures*-n'ny fanjakana norveziana any Oslo aho mba hitondra ireo sora-tànana 832 pejy notehiriziny tany. Naverinay isa-pejy izay nanananay araka ny fanirian'ny Akademia Malagasy. Natolotro ny Akademia tamin'ny 2 avrily izany sora-tànana izany. Asehon'ireo taratasy ireo ny fivoatry ny teny malagasy. Hita ao koa ny fiantraikan'ny fivavahana silamo amin'ny fivavahana malagasy taloha. Tantaraina ao koa ny adin-dRadama I, toy ny tafika nentiny taty amin'ny faritany sakalava, sns.

III. Ny tiako homarihina farany dia ny soratra vavolombelona mikasika an'i Madagasikara manontolo, dia ireo taratasy sy lahatsoratra navelan'i Dr. Andrew Davidson iraky ny E.M.M.S. (Edinburgh Medical Missionary Society) sy ny mpiara-miasa taminy tany Antananarivo, taratasy nalefa tany amin'ny L.M.S. (London Missionary Society) sy ny E.N.M.S. (Norsk Misjonsselskap - Mission

Norvégienne). Noho izy nanana andraikitra tao amin'ny fiangonana sy tao amin'ny lapa tany Antananarivo (mpitsabo ny Mpanjaka mbamin'ny fianakaviany ary misioneran'ny L.M.S.) dia nahita akaiky na ny fiampianan'ny Mpanjaka tanaty rova na ny fandrosoan'ny fiangonana amin'ny faritr'Imerina i Dr Davidson.

Heveriko fa vavolombelona azo itokisana i Dr Davidson satria tsy niankina tamin'ny L.M.S. izy ary nanana saina mahay mamakafaka na teo anatrehan'ny fiangonana na teo anatrehan'ny politika.

Fony izaho namangy ny E.M.M.S. tamin'ny volana jolay teo dia nahita boky sy taratasy marobe tao amin'ny lakavy. Tsy nariana akory izy ireo nefa hadino, tsy voakarakara, ka naman'ny very. Faly aho anefa milaza amintsika fa milahatra tsara izy ankehitriny ary karakarain'ny E.M.M.S. fatratra.

Isan'ny soratra navelan'i Dr. Davidson ka tokony hodinihinareo misimisy dia ireo izay mikasika ny mpanjakavavy Rasoherina, indiindra ireo momba ny aretiny sy ny nahafatesany. Nandritra ny herinandro telo farany niainan'ny mpanjakavavy mantsy dia tsy nivoaka ny rova mihitsy i Dr. Davidson ka nanaramaso izay niseho isan'andro, isan'ora.

Ity soratra vavolombelona vaovao ity dia ahafantarana zavatra maro mikasika an'i Laborde, ny Praiminisitra roa nifanerasera taminy, ny nitaoman'ny mpitahiry ny sampy Kelimalaza an-dRasoherina, ny fikomiana nomanina tany Antananarivo nefa tsy tanteraka sy izay heverin'i Dr. Davidson ho anton'izany.

Misy lahatsoratra omaninay sy ingahy S. Ayache ny amin'izany. Tsy tananay ho anay anefa izany sora-tànana mbola tsy fantatra any Edinburgh izany. Aseho amintsika rehetra izy ahazoantsika mitady izay mifanandrify amin'ny fikarohana ataontsika. Vitsivitsy ihany anefa amin'ireo antontan-taratasy ireo no azo raisina momba an'i Madagasikara. Ny ankamaroany amin'izy ireo dia mikasika tany hafa. Ny adiresy dia: Edinburgh Medical Missionary Society, 12 Maifield Terrace, Edinburgh EH9 1SA, Scotland (U.K.).

RESUME

Cette communication présente 3 nouvelles sources pour l'étude de l'histoire de Madagascar.

I. Les archives réunies de l'église F.L.M. et de la mission N.M.S. à Antananarivo. Cette impressionnante collection de documents remontant à 1866 en malagasy, norvégien, français et anglais contient les listes complètes (60 volumes) des livres imprimés par la mission/église et distribués à travers le pays depuis une longue période. On trouve ensuite des documents qui décrivent les systèmes d'organisation des écoles et d'éducation. La correspondance entre l'église et l'état aborde de nombreux aspects de leurs relations qui donnent une grande valeur à ces documents, non seulement pour l'histoire ecclésiastique, mais pour l'étude de l'histoire de Madagascar dans son ensemble.

On vient d'en achever l'inventaire en 5 volumes; l'un d'entre eux concerne la côte ouest. L'université et la mission (N.M.S.) en Norvège ont supporté les frais de ce travail d'une année à Antananarivo. Les détenteurs de ces archives privées invitent les universitaires à venir travailler sous certaines conditions dans leurs fonds à Isoraka, Antananarivo.

II. La collection de manuscrits malgaches, *sorabe* (écriture arabico-malgache, bien plus ancienne que le moderne alphabet de 1823) a été augmentée récemment par un don qui vient d'arriver à l'Académie Malgache, Antananarivo, envoyé par le gouvernement norvégien, Oslo. Le *sorabe* étant une écriture phonétique, donne des informations sur l'évolution de la langue malgache. Ces manuscrits montrent aussi la religion traditionnelle, influencée par les Arabes et leur Islam des siècles avant l'arrivée du premier missionnaire chrétien. Cette nouvelle collection (832 pages) contient aussi des indications historiques sur les dynasties antaimoro et les peuples de la côte est, aussi bien que sur les souverains d'Antananarivo, le contexte social et politique du temps passé (depuis 1600).

III. La collection de l'E.M.M.S. à Edinburgh, refondue au cours de l'été 1978, donne des informations sur le diaconat de l'église établi à Antananarivo à partir de 1862. Les étroites relations que le Dr. Davidson entretenait avec les rois et les reines et son brillant esprit critique, font de ses lettres et articles de revues une excellente introduction à une connaissance approfondie de la réalité des événements à Antananarivo vers 1868.